




REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-282

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA
MIKASIKA NY FANDAHARAM-POTOANA NASIAM-PANITSIANA
NATAON'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-10
Natao ny
Alakamisy 14 Desambra 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 14 Desambra 2023 tamin'ny 10 sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana nasiam-panitsiana nataon'ny Antenimierampirenena

Nitohy ny Alakamisy 14 Desambra 2023 tamin'ny 10 sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antsiranana no nanatanteraka izany.

Nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nanambara fa nasiana fanitsiana ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, ka izany no antony anavoana izao fivoriambe izao. Izany hoe, handraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ao anaty fandaharam-potoana ny Volavolan-dalàna laharana faha-025/2023 avy tany amin'ny Governemanta sy ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2023/PPL «Sénat» ary ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2023/PPL «Sénat» avy tany amin'ny Antenimierandoholona, izay samy tonga teto amin'ny Antenimierampirenena omaly tolak'andro avokoa izy ireo.

Noho izany, hisy ny asam-baomiera miisa telo momba ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2023/PL «sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme», natolotry ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas voafidy tao Betroka; ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2023/PPL SENAT modifiant l'annexe de la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élection ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par le Sénateur de Madagascar RASOLOFONDRAZIMBA Raymond, Rapporteur Général»; ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2023/PPL SENAT modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 août 2021, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, présentée par les Sénateurs TSIEBO Mahaleo Richard Victor et ANDRIANANDRASANA Hajaniaina Tahiana»; miampy ny asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-025/2023 du 12 décembre 2023 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2016-037 du 02 février 2017 relative à la Réconciliation Nationale» hatao aorian'izao fivoriambe izao.

Raha atao bangotokana, miisa efatra izany ny asam-baomiera hatao androany atoandro raha vao vita izao fivoriambe izao raha lany soa aman-tsara ny fandaharam-potoana izay handraisana fanapahan-kevitra avy eo.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra androany manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro, avokoa ireo rehetra voalaza teo ireo.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana nasiam-panitsiana ny mpivory.

Nisy anefa Solombavambahoaka nanangan-tàhana, ka nomena fitenenana izy ireo.

Nangataka ny hirosoana amin'ny asam-baomiera avy hatrany, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, aorian'izao fivoriambe izao ary niangavy ihany koa ny hanaovana mialoha ny handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna narosony satria maro ny asa hatao androany.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa kosa nanamarika fa tokony hifidy izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany ny Antenimierampirenena satria efa lasa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo ny Filohan'izany Vaomiera izany. Raha azo atao, aleo ampidirina ato anaty fandaharam-potoana koa ny momba izany.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony no nanambaran'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, fa nisy ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna narosony omaly ary lany izany. Taorian'izay, nalefa tany amin'ny Antenimierandoholona; tokony haveriny eto amintsika izany mba hahalalana ny heviny. Hatramin'izao anefa tsy misy vaovao momba azy iny mihitsy. Noho izany, manentana ny namana tsy handany ny fandaharam-potoana raha ohatra tsy nandinika ny zavatra lany teto ny Antenimierandoholona, raha nandinika izany kosa ry zareo dia handany an'ity zavatra ivoriana ity izahay.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina indray nanambara fa handinika sy handany lalàna no antom-pisian'ny Solombavambahoaka fa tsy handany ny lalànan'ny Antenimierandoholona na lalàn'olon-tokana fotsiny. Izany hoe, lalàna ho an'ny vahoaka no atao; noho izany mitaona ny namana handany ny fandaharam-potoana nasiam-panitsiana.

Notsindriany koa fa nanao ny adidy tamin'ny fampitàna ny hafatra tany amin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny tenany momba ny handiniana ny Tolo-dalàna naroson'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert izay noliana teto omaly.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice kosa nanambara fa mba te-hahazo vaovao mikasika ny Tolo-dalàna momba ny Toaka Gasy hoe aiza ho aiza satria misy tombontsoa ho an'ny vahoaka koa ny zavatra voalaza ao anatiny.

Namaly Ramatoa Filoha, fa Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, tompon'ny Tolo-dalàna no nanohana azy tany amin'ny Antenimierandoholona; mbola tsy nahazoana vaovao izany hatreto ka hojerena any amin'izy ireo ny mety ho valin'izay hetaheta teo izay.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia nanolotra fisaorana tamin'ny nanitsiana ny fandaharam-potoana. Ny antony, mivoatra ny toe-draharaha politika eto amintsika. Efa hifarana rahampitso ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, ka aleo vitaina haingana ny asa. Fanampin'izay, aza varimbariana intsony ny olom-boafidy fa efa tokony hanomana ny eny ifotony satria tsy fantatra hoe rahoviana marina ny fifidianana Solombavambahoaka.

Mbola nangataka ny handaniana mialoha ny Tolo-dalàna narosony hatrany Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony fanindroany.

Namaly Ramatoa Filoha, fa araka ny hita ao anaty fandaharam-potoana dia ny asam-baomiera aloha no hatao aorian'izao fivoriambe izao ary manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ireo rehetra ireo araka ny voalaza tany aloha.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana nasiam-panitsiana ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangana-tànana Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoana nasiam-panitsiana.

Taorian'izay, nomarihany fa hiroso avy hatrany amin'ny asam-baomiera ireo Solombavambahoaka voakasik'izany ary nanentana azy ireo mba ho tonga maro koa ny tenany.

Mbola nisy Solombavambahoaka nanangan-tànana indray ka nomena fitenenana.

Fangataham-baovao mikasika ny Tolo-dalàna narosony amin'ny nampidiran'ny Antenimierandoholona na tsia izany ao anaty fandaharam-potoanany no nandraisan'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert fitenenana. Niangaviany ny hanateran'ny Antenimierandoholona izany eto amin'ny Antenimierampirenena raha toa tsy mety aminy ny fandinihana azy.

Nanambara Ramatoa Filoha, fa hatramin'izao minitra itenenana izao, tsy mbola nisy valiny avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, nanamarika ny tenany fa tsy nisy valiny ny fangatahana nataony teo aloha. Izany hoe, ny tokony hanaovana fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany.

Nanao satroka, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nambarany fa tsy ho vita izao dia izao izany fa aleo misintona kely ary aorian'izay miverina manohy ny fivoriambe indray.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, nambarany tamin'izany fa karazana «mission» no nataony tamin'izy Filohan'io Vaomiera io teo aloha.

Izany no antony tsy nilatsahany ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo, tamin'ny taona 2019.

Aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana hifidianana izay ho Filohan'io Vaomiera io, fa tsy hatao latsabato miafina, hoy hatrany izy, rehefa namarana ny teniny satria tsy ampy intsony ny fotoana.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré no nanambarany, fa aleo atao ny tsangan-tànana ahalalana na hotanterahana androany na tsia ny fifidianana izay ho Filohan'io Vaomiera io.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa hatao tsangan-tànana ny momba io fifidianana voalaza io. Izany hoe, hotontosaina alohan'ny firavan'ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena ny fifidianana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 46 no nandany; Solombavambahoaka iray no nitsipaka ary iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hotontosaina alohan'ny firavan'ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany.

Nomarihany koa fa ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena no apetraka ny antontan-taratasy mikasika ny filatsahan-kofidina.

Rehefa izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy maintsy ampidirina ao anaty fandaharam-potoana koa ny momba izany fifidianana izany ary nampisafidy ny Solombavambahoaka ny tenany na hatao anio harivan'ny Alakamisy 14 Desambra 2023 na hatao rahampitso Zoma 15 Desambra 2023 alohan'ny firavan'ny fivoriana izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 44 no nandany fa hatao androany hariva ny fifidianana; Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky fa hatao rahampitso izany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hatao androany harivan'ny Alakamisy 14 Desambra 2023 aorian'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ireo Tolo-dalàna miisa telo sy ny Volavolan-dalàna iray ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany.

Nanao satroka Andriamatoa IDEALSON ka nomena fitenenana, nambarany fa aleo tsy mivoaka ny efitrano fivoriana intsony izay voakasiky ny asam-baomiera satria avy hatrany dia hiroso amin'ny fandinihana ireo Tolo-dalàna sy Volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona